## Sabata 26 Aprily 2014

## Andro natokana ho an'ny olona sahirana

**Toko sy andininy fototra : Isaia 58 ; Lev. 25 : 35 ; Deo. 15 : 7-11 ; Ohab.17 : 5 ; 19 : 17 ; 21 : 13 ; 22 : 22 ; Zakaria 7 : 10 ; Matio 25 : 31-46 ; Marka 14 : 7 ; Jakoba 1 : 27**

**Témoignages pour l'Église – Boky faharoa**

### Izay ilain'ny Fiangonana

Raha toa ka mila firaisam-po sy vavaka ary fanampiana avy amin'ireo zanak'Andriamanitra izao tontolo izao, raha toa ka ilaina ny hahitan'izy ireo an'i Kristy eo amin'ny fiainan'ireo mpanara dia azy, dia mba ilain'ny zanak'Andriamanitra ihany koa ny hanana fotoana mety izay hanehoan'izy ireo ny firaisam-pony, sy hahatonga ny vavaka asandratr'izy ireo hahomby ary hampitomboana ao anatin'izy ireo ny toetra tahaka ny an'Ilay Modely tsara indrindra.

Nomen'Andriamanitra antsika ireo fotoana mety ireo tamin'ny nametrahany ny mahantra, ny malahelo, ny marary sy ireo izay mijaly eo anivontsika. Ireo no lova avy amin'Andriamanitra ho an'ny Fiangonana, izay tokony ho karakarainy tsara tahaka izay nataon'i Kristy. Amin'ny fomba toy izany no anesoran'Andriamanitra ny tain-drendrika ka anadiovany ny volamena, mba hahafahantsika mahazo ity famolavolana ny fo sy ny toetra izay tena ilaintsika ity.

Azon'Andriamanitra atao ny manohy ny asany na dia tsy miara-miasa aminy aza isika. Tsy mitady ny volantsika, na ny fotoanantsika na ny fanampiantsika Izy. Saingy misy vidiny eo imasony ny Fiangonana. Io no vata kely fitehirizany ny vatosoany sarobidy, io no valan'ondry hanangonany ny

andrian'ondriny, ary faniriany lalina ny hahita ny Fiangonana tsy hisy pentina na fiketronana na izay toy izany. Mahatsapa fitiavana tsy hay lazaina ho an'ny Fiangonana ny Tompo. Izany no antony anomezany fotoana mety ho antsika mba hiasantsika ho Azy, ary ekeny ho toy ny antoky ny fitiavantsika sy ny fahatokiantsika Azy ny asa izay ataontsika.

Mizaha toetra antsika ny Tompo amin'ny fametrahany ireo malahelo sy mahantra eo anivontsika mba hanehoantsika ny fangoraham-pontsika. Tsy ho afa-maina amin'ny fialantsika amin'ny fitsipika mifehy antsika, amin'ny fandikana ny fahamarinana sy fanaovana antsirambina ny fiantrana olona isika. Raha toa ka hitantsika fa mila fanampiana ny rahalahintsika, dia tsy tokony hitodi-damosina azy isika fa tokony ho dodona hampihatra ny Tenin'Andriamanitra ka hanampy azy. Tsy azontsika atao ny manao izay mifanohitra amin'ny baiko mazava nomen'ny Tompo ka tsy hizaka ny vokatr'izay nataontsika. Tokony ho resy lahatra tanteraka isika fa ny fihetsika rehetra ataontsika izay manala baraka an'Andriamanitra dia tsy mitondra voka-tsoa velively ho antsika.

Ny olona manao antsirambina ny asa fiantrana sy ny fangoraham-po ary ny rariny, ny olona mankahala ny mahantra, minia tsy mahalala izay ilain'ny taranak'olombelona mijaly, ny olona izay sady tsy tsara fanahy, no tsy manaja olona dia manaisotra eo aminy ny fiaraha-miasan'Andriamanitra amin'ny famolavolana ny toetrany.Tokony ho soratana amin'ny soratra tsy hay fafana any amin'ny farany lalina indrindra ao amin'ny saintsika izany fanambarana izany, tahaka ny soratra atao amin'ny vy fanoratana eo amin'ny vato. Ho mora kokoa ny famolavolavola ny saina sy ny fo rehefa mahatsapa fangoraham-po isika manoloana ireo namantsika ka

izany no manosika antsika hampiasa ny tombontsoa rehetra ananantsika ho fanamaivanana ny fijalian'izy ireo. Ny fiezahantsika hihazona ho antsika samirery izay rehetra azontsika dia hitarika ny toetra amam-panahintsika hahantra. Fa ho azon'ireo izay manatanteraka ny Asa nankinin'ny Tompo taminy kosa ny toetra avy any ambony raha toa ka miasa eo anivon'ny laharan'ny mpanara-dia an'i Kristy izy ireo.

## Maneho an'i Kristy

Mitaky fahafoizan-tena avy amintsika ny asa fanavaon-tsoa izay atao ary io fahafoizan-tena io no manampy antsika hahay mifehy ny tenantsika. Ireo adidy rehetra tokony hatao eo amin'ny asan'Andriamanitra dia mitarika antsika hiady amin'ny fihetseham-po mahazatra antsika sy ireo fironana ao anatintsika. Rehefa manaiky hanao ny asan'Andriamanitra isika dia ho afaka handresy tsikelikely ireo toetra ratsy ananantsika. Ary arakaraky ny hitohizan'ny tolona atao, no hitomboantsika amin'ny fahasoavana ka ho tonga tahaka an'i Kristy hatrany isika sady ho voaomana kokoa ho anisan'ireo olom-boavonjy ao amin'ny fanjakan'Andriamanitra.

Fitahiana ara-nofo sy ara-panahy no ho azon'ireo izay mizara ny fahasoavana azony avy amin'ny Tompo ho an'ireo mahantra. Nanao fahagagana Jesosy mba hamokisana ireo olona dimy arivo reraka sy noana izay nanaraka azy. Nifidy toerana mahafinaritra Izy ka nanasa azy ireo mba hipetraka. Rehefa avy eo dia nandray mofo dimy sy hazandrano roa Izy. Azo antoka fa nisy fanamarihana nipoitra avy tetsy sy teroa ny amin'ny tsy hahavitana hamoky lehilahy dimy arivo, tsy ao anatin'izany ny vehivavy sy ny ankizy, amin'ny alalan'ireo sakafo kely ireo. Fa nanandratra vavaka Jesosy dia nomeny ny

mpianany ireo sakafo ireo mba hozarainy amin'ny vahoaka. Arakaraky ny nizaran'ny mpianatra ilay sakafo kely no nampitombo izany teny an-tanan'izy ireo. Rehefa voky ny olona rehetra, dia nipetraka ihany koa ny mpianatra, ka nandray anjara tamin'ilay fety tsy nampoizina araka ny fitondran'Andriamanitra izy ireo. Lesona sarobidy ho an'ireo rehetra izay manara-dia an'i Kristy no hitantsika eto.

« Izao no fivavahana madio sady tsy misy loto eo anatrehan'Andriamanitra Ray : ny mamangy ny kamboty sy ny mpitondratena amin'ny fahoriany, sy ny miaro ny tena tsy hisy pentimpentina avy amin'izao tontolo izao » Jakoba 1 : 27. Tena ilain'ireo mambran'ny fiangonantsika ny mianatra ny tena fivavahana marina. Tokony hoporofoiny amin'izao tontolo izao fa mitovy amin'i Kristy izy ireo. Noho izany, tsy ny hafa no omena fahefana hanao ny asa fa izy ireo mihitsy no andrasan'Andriamanitra hanao izany. Tsy tokony apetrany amin'ny komity na ny fikambanana ny fitondrana ny enta-mavesatra izay tokony hiantsorohany. Amin'ny fampiasany ny fitaovana izay ananany, ny fotoanany, ny fangoraham-pony, ny ezaka manokana ataony mba hamonjeny ny marary, hampiononany ireo malahelo, hanampiany ireo mahantra, hampaherezany ireo kivy, hanazavany ireo ao anatin'ny haizina, hitarihany ireo mpanota ho eo amin'i Kristy, hitarihany ny fon'ny olona ho tohina amin'ny andraikitra tokony horaisina manoloana ny lalàn'Andriamanitra, no hahatonga ny toetran'izy ireo ho tahaka ny an'i Kristy.

Manara-maso sy mandinika ireo izay milaza fa mino ny fahamarinana manokana ho an'izao vanim-potoana iainantsika izao izao tontolo izao. Mandinika izy ireo ary mijery raha toa ka maneho an'i Kristy ny fiainany sy ny fitondran-tenany.

Amin'ny fanaovana asa soa ombam-panetren-tena sy faharetana, dia maneho hery miasa mangina izay ahafahana mahafantatra ireo tokantrano izay nidiran'ny fahamarinana isan-tanàna ireo zanak'Andriamanitra. Raha toa ka mahay manararaotra ny fotoana mety rehetra ireo izay mahafantatra ny fahamarinana mba hanatanterahana fihetsika feno fitiavana isan'andro isan'andro, dia haneho an'i Kristy amin'ireo mpifanolobodirindrina aminy izy ireo, ka hiseho toy ny hery mandaitra ny Filazantsara fa tsy toy ny angano natambatambatra tsara fotsiny na toy ny fandinihina tsy misy antony akory. Ho toy ny zava-misy ho azy ireo ny Filazantsara fa tsy heverina ho vokatry ny zavatra foronin'ny saina na hafanam-po intsony. Ary hanana lanjany lehibe tokoa noho ny toriteny sy ny fanekem-pinoana izany.

Miezaka ny handrombaka ny fanahy tsirairay avy Satana. Fantany fa ny fangoraham-po aseho amin'ny fihetsika no porofo maneho ny fahitsiana sy ny fitiavana ny hafa ka ataony izay rehetra azony atao mba hanidiana ny fontsika amin'izay rehetra ilain'ny namantsika mba hahatonga antsika tsy ho tohina rehefa mahita ny fijaliana manodidina antsika. Ataony avokoa izay rehetra azony atao mba hanakanana antsika tsy haneho fitiavana sy fangoraham-po. Io no fomba nampiasainy mba hahavery an'i Jodasy. Ny fanomezana fahafaham-po ny tenany no hany zavatra nanahirana ity mpianatra ity. Ny fitiavan-tena kolokoloina dia manjary faniriana tena manimba ka tsy misy afaka ny handresy azy afa-tsy ny herin'i Kristy.

## Ny hafatra ao amin'ny Isaia 58

Tsy haiko ny tsy hanantitrantitra amin'ireo mambran'ny fiangonana , amin'ireo tena misionera marina tokoa, ireo izay mino ny hafatry ny anjely telo, ireo izay «miaro ny tongony amin'ny Sabata» mba handinihany ny hafatra voalaza ao

amin'ny Isaia 58. Ny asa fanaovan-tsoa amporisihina mba hotanterahina ao amin'io toko io dia ny asa izay angatahin'Andriamanitra amin'ny vahoakany ankehitriny. Io mihitsy no asan'Andriamanitra. Tsy navelany ho anatin'ny fisalasalana isika ny amin'ny fampiharana sy ny fotoana hahatanteraka izany satria izao no voalaza : « Ary izay taranakao no hanangana ny efa rava ela, ary ny naorina hatry ny fony fahagola no hamboarinao ; ary hianao dia hatao hoe Mpamboatra ny rava, Mpamelon-dalana honenana amin'ny tany » and. 12.

Izao no voalaza ao amin'ny Isaia 58 : «Tsy izao va no fifadiana izay ankasitrahako : dia ny hamaha ny famatoran'ny faharatsiana, sy hanaboraka ny fehin'ny zioga, sy handefa ny ampahoriana ho afaka, ary hanapatapaka ny zioga rehetra ? Moa tsy ny hizara ny mofonao ho an'ny noana va, sy ny hampiantrano ny ory manjenjena, ary mba hanafianao izay hitanao fa mitanjaka, ka tsy hihirimbelona amin'ny namanao hianao ? » Io no fanafody omen'i Kristy ny fanahy rehetra izay matahotra, be fanahiana ary mipararetra. Aoka ireo izay mijaly sy mandeha eo anoloan'ny Tompo amin'alahelo, mba hitsangana ka hamonjy ireo rehetra izay mila fanampiana.

**Fiaraha-miasa amin'Andriamanitra**

Tokony ho eo ambany fiadidian'ny herin'ny Fanahy Masina ny fiangonana tsirairay avy. Izao no fotoana tokony hivavahana ho amin'izany. Amin'ny zavatra rehetra ataon'Andriamanitra ho an'ny olona dia tiany raha miara-miasa aminy izy.

Aoka ireo rehetra izay nanolo-tena ho amin'ny asan'ny Tompo mba hiteny na amin'ny fotoana na tsy amin'ny fotoana, aok'izy ireo hanampy ny sahirana ka hampahafantatra azy ny fitiavan'i Kristy, satria fantany fa ny Mpamonjy dia eo mandrakariva mba hanohina ny fon'ny mahantra sy ny malahelo ary ny ory. Rehefa

tontosan'ny fiangonana ny asa nampanaovin'Andriamanitra azy dia izao no teny fikasana nampanantenainy : « Fa raha izany, dia hiposaka tahaka ny fahazavan'ny maraina ny fahazavanao, ary ho tonga faingana ny fahasitrananao ; ny fahamarinanao ho loha-lalanao, ary ny voninahitr'i Jehovah ho vodi-lalanao » (And. 8). Kristy, Ilay fahamarinantsika, no mialoha lalana antsika amin'io asa io ary ny voninahiny no miaraka amintsika.

Ireo rehetra izay mahatakatra ny faharatsian'ny fahotana sy ny famindrampon'i Kristy tamin'ny fahafaoizan-tena tsy manampetra nataony ho an'ny mpanota dia ho tafaray tanteraka aminy. Ho safononoky ny fitiavana ny fon'izy ireo ; ny endriny, ny fiteniny dia haneho fangoraham-po ; hiseho amin'ny alalan'ny fitandremana fatratra, sy ny fitiavana ary ny hery ny ezaka ataon'izy ireo. Hery eo am-pela-tanan'Andriamanitra izy ireo mba hitarihana fanahy maro ho eo amin'i Jesosy Kristy.

Ilantsika rehetra ny mamboly faharetana sy fangoraham-po ary fitiavana. Izay nafafintsika ihany no ho jinjantsika. Dieny ety an-tany no iforonan'ny toetrantsika ho any amin'ny mandrakizay, sy ampianarana antsika ho any an-danitra. Avy amin'ny fahasoavan'Andriamanitra ambony indrindra, tamin'ny alalan'ilay fanekena vaovao no nananganany antsika indray. Io fahasoavana io no niantoka ny fanavotana sy ny fahateraham-baovao ary ny fananganana antsika ho toy ny mpiara mandova amin'i Kristy. Enga anie mba hambara amin'ny hafa koa izany !